SeFaFi

SEHATRA FANARAHA-MASO NY FIAINAM-PIRENENA
Observatoire de la Vie Publique

Lot III M 33 K Andrefan'Ambohijanahary, Antananarivo 101

Tél. 032 59 761 62 Email : sefafi@gmail.com Site Web : www.sefafi.mg

Fitsinjarampahefana mitaredretra foana

Ny zavamisy ankehitriny

Hatramin'ny nampiasana ny fitsinjarampahefana amin'ny endriny ankehitriny dia ny kaomina irery no hany tena vondrombahoakam-paritra tanteraka mba tafapetraka, miaraka amin'ny ben'ny tanàna sy ny mpanolo-tsainan'ny kaomina amin'ny maha olom-boafidy eny an-toerana[1] azy. Efa tamin'ny 2004 no nandramana najoro ny faritra ; fa hatramin'ny androany dia mbola ilay rafitra tetezamita nolazaina fa haharitra roa taona tany am-boalohany ihany no mbola ampiharina. Ary raha marina ny feo mandeha, mikasika ny fanendrena ny governora hitantana ny faritra, dia rafitra tsy mifanaraka amin'ny hevitra fonosin'ny Lalàmpanorenana no antitranterin'izany - ny hevitry ny Lalàmpanorenana mantsy dia ny hahatonga ny faritra ho ny ambaratonga faharoa amin'ny vondrombahoakam-paritra.

Tamin'ny 2014[2], ny fanamafisana ny didy aman-dalàna momba ny fitsinjarampahefana dia tokony ho nanome lanja ny fanatsarana kokoa ny fiasan'ny vondrombahoaka miaraka amin'ny fanohanana avy amin'ny filankevitry ny distrika sy ny sampan-draharaha teknika efa naparitaka, araka ny voalazan'ny lalàna 2014-21 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny fisoloana tena ny Fanjakana. Saingy ny zavamisy eny an-toerana dia ny fifaninanana eo amin'ny sampan-draharaha ao amin'ny kaomina sy ny sampan-draharaha naparitaka, izay tena nanimba be ny kalitaon'ny raharaha sosialy fototra, izay tokony ho raharaha akaiky ny vahoaka raha tiana ny hampahomby azy.

Tamin'ny 2016 dia najoro ny Antenimeran-doholona na dia tsy nisy akory aza fifidianana natao tany amin'ny faritra sy tany amin'ny faritany. Ny loholona anefa dia tokony ho nofidian'ny mpifidy lehibe, izany hoe ny olomboafidy any an-toerana ao anatin'ny ambaratonga telon'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ! Ny loholona ankehitriny dia tsy nisy afa-tsy ny ben'ny tanàna sy ny mpanolotsain'ny tanàna ihany no nifidy azy : koa ahoana àry no ahafahany

1. Jereo ny fanambaran'ny SeFaFi : « Ny kaominaly : finiavana hitsinjara fahefana toy inona moa ? », 18 avrily 2015, sy « Iza no mitetika hamono ny kaomina sy ny fokontany ? », 12 martsa 2016.

2. Jereo ny fanambaran'ny SeFaFi : « Ny lalàna momba ny fitsanjarampahefana : fanimban-javatra hafa indray », 11 septambra 2014.

mihambo ho « mpisolo tena ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana »[3] ?

Mbola loza noho izany, nisy fahefana sasany nafindra tany amin'ny kaomina, nefa ny hoenti-manana izany tsy nomena azy, hany ka nidofotra tamin'ny tsy fisiana na ny hakelezan'ny fanapariahana ny ara-bola ny fitsinjarampahefana tena izy. Nefa dia tsy nitsaha-nidina ny faritry ny famindrana ny loharanom-bola, afa-tsy ny tolo-bola ho fampandehanan-draharaha izay vao nanjary 15 tapitrisa ariary izao raha 12 tapitrisa isaky ny kaomina taloha. Nefa dia mihisatra be ny fahazoana an'io vola io satria tsy misy fotoana voalahatra handrotsahana azy. Ho fanampin'izany dia misy tolo-bola famenony hampandehanan-draharaha, nokajiana arakaraka ny isan'ny mponina, natokana ho an'ny kaomina lehibe ; saingy ny tena marina dia tsy nisy na inona na inona nitranga efa an-taonany maro izay. Tsy tsaratsara kokoa ve raha omena mifanentana amin'ny mponina ao aminy ny kaomina, satria ohatra ny Kaomina Antananarivo renivohitra dia mahazo fanomezana mitovy amin'ny an'ny Kaomina ambanivohitra Kandreho…

Fa ny fanomezana vola hampiasaina indray dia mameno fotsiny ny tahirin'ny Komitim-paritry ny Fampandrosoana eny an-toerana (CLD). Noforonina io rafitra io mba hitantana ny fampiasam-bolan'ny kaomina eo amin'ny toeran'ny kaomina (izany mihitsy !). Noferana ho Ariary 300 tapitrisa isaky ny distrika izy io, ary anjaran'ny solombavambahoaka ny mifehy ny fampiasana azy, miharihary eto ny fifangaroan'ny asa sy ny andraikitry ny mpanatanteraka sy ny mpanao lalàna - ary dia afaka manararaotra tokoa ny solombavambahoaka…

Izao ny zava-misy : ny ministera maro rantsana izay mifampizara fahefana sasany amin'ny kaomina (fanabeazana, fahasalamana, rano sy fanadiovana, tontolo iainana, sns.) no manatontosa mivantana ny fampiasam-bola voalazan'ny Fandaharana asa momba ny fampiasambolam-panjakana (PIP). Mazava loatra fa ny kaomina izany dia lasa mpandray fotsiny ny fotodrafitrasa naorina na nohavaozina. Izao toe-javatra izao dia manala aminy ny maha tompon'antoka azy, nefa raha ny marina dia izy no tokony hitantana sy hikolokolo ny fotodrafitrasan'ny kaomina.

Ny tsy fisian'ny vondrom-bahoaka manelanelana (faritra sy/na faritany) dia manembantsembana mafy ny tokony ho fandehan'ny politikan'ny fitsinjarampahefana, ny kaomina mantsy mazàna dia teren'ny zavamisy hisahana asa tsy tafiditra ao amin'ny andraikiny (fanorenana lisea, ohatra), saingy voatery izy hanao azy satria dodosan'ny mponina. Noho ny kaomina maro sahanina nefa ny hoentiny manana voafetra dia lasa tsy tontosa an-tsakany sy an-davany ny raharaha fototra, tsy misy fiaraha-miasa matotra mantsy eo amin'ny mpiandraikitra eny an-toerana, ary tsy misy koa politika mikasika ny faritany mampiditra ny fahasahiranana mahazo azy manokana.

Ary farany tsy azo iheverana, misy olom-boafidin'ny kaomina manentana na mitarika ny fanatontosana ny politikan'ny sehatra manokana, na dia efa eo aza ilay fitaovana dia ny fifanarahana-fandaharana asa tokony ho nifanaovan'ny vondrom-bahoaka sy ny fanjakana. Tokony ho tena mety anefa io fitaovana io raha toa ny vondrom-bahoakam-paritra ka afaka mandray anjara amin'ny famolavolana sy amin'ny fanatontosana ny politika voatsinjara mikasika ny faritaniny, ao amin'ny sehatry ny fandefasana any amin'ny faritra ny fampiasambolam-panjakana. Raha tsy eo io fiaraha-miasa io, ny rafitra tsirairay, na notsijaraina izy na naparitaka, dia samy manatontosa ny tetik'asany rehefa tsy misy fiaraha-midinika mialoha.

3. Lalàmpanorenana, and. 81.

Ny fitsinjaram-paritra tena izy

Raha miaraka vita mandritra ny enim-bolana faharoa amin'ny taona 2019 ny fifidianana ny faritra sy ny fifidianana ny kaomina, dia ho azo hararaotina tsara ny fananganana ny faritra mba hanafainganana ny fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana. Ireo fifidianana ireo dia hanamora ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny kaomina sy ny faritra tsirairay avy, mba hahazoana mampifandrindra ny tetik'asan'ny faritra amin'ny fanambin'ny fampandrosoana ny eo an-toerana. Ireo fifidianana ireo no hampisy fifanakalozan-kevitra mitohy eo amin'ny faritra sy ny ministera maro rantsana, amin'izay ny vondrom-bahoaka dia ho afaka mitana ny toeran'ny tompon'antoka amin'ny fanatontosana ny politikam-panjakana.

Araka io fisainana io, ny faritra dia tokony homena ny fahefana ilainy mba hahafahany misahana ny andraikiny. Ary tahaka ny fanao any amin'ny firenena sasany miteny anglisy, dia tokony hanana satam-panjakana ny faritra ka hanana rantsan'olom-boafidy (lehiben'ny faritra sy mpanolotsainam-paritra) ary hanana mpiasam-panjakana hiasa ao anatin'ny faritra (fanaparitahana ny olona) mba hamahana ny olana noho ny tsy fahampian'ny mpiasam-panjakana.

Misy faritra sasany azo ampiasaina ho filamatra amin'ny fivoarana, amin'izay izy dia handray anjara mivantana amin'ny fampandrosoana ny firenena ; ny faritra hafa, tsy afa-manoatra firy eo amin'ny lafiny ara-toekarena, dia hiravona ho sehatry ny firaisan-kina ary handray anjara amin'ny fampandrosoana ny eny an-toerana arakaraka ny filan'ny sampan-draharaham-panjakana miainga avy any amin'ny mponina.

Araka izany dia mety ho vita tsara ny miantoka[4] fanampiana amin'ny alalan'ny fanomezana olona sy fitaovana ary vola. Misy fizahana atao tsy tapaka mba hahafahana mandanjalanja tsara ny filan'ny faritra tsirairay sy mamaritra ny tetika hitsinjarana an'ireo fanomezana ireo amin'ny alalan'ny sivana mitombina ; ny ho vokatr'izany, ny mpiasam-panjakana dia halefa any amin'ny faritra izay mila azy arakaraka ny fahaizany.

Raha velabelarina kokoa, mety ny hananganana politika momba ny olona amin'ny maha harena azy mba hanampiana ny sekoly ambony sy ny mpianatra any hahalala ny fangatahana olona mety hisy any amin'ny asam-panjakana.

Ny andraikitry ny Fanjakana

Ny Fanjakana amin'izay dia hiala amin'ny sata maha mpitantana azy ka hankany amin'ny satan'ny Fanjakana mpanamora sy mpiahy ny fenitra, ka hamela ny vondrom-bahoakam-paritra sy ny sampana tsy miankina ary ny firaisamonim-pirenena hitondra ny anjarany avy amin'ny fampandrosoana ny firenena.

Io fomba fihevitra io dia mitaky ny fanitsiana ny lalàm-pifidianana momba ny kaomina sy ny faritra raha vao tonga ny fivorian'ny Antenimieram-pirenena manaraka. Ny fikambanan'ny ben'ny tanàn-dehibe eto Madagasikara (AMGVM) dia efa imbetsaka no nangataka an'io fanitsiana io. Satria tena ilaina maika izany fanamboarana izany noho ny lalàna ankehitriny manakana ny filohan'ny mpanatanteraka eny an-toerana tsy hahatontosa ny tanjona tiany hotratrarina.

Misy fanovana lehibe tsy maintsy entina eto : ny fomba ifidianana ny ben'ny tanàna sy ny mpanolotsainam-paritra. Hatramin'izao dia ny lisitry ny mpanolotsain'ny kaomina no fidian'ny olom-pirenena ary ny lohan'ny lisitra voafidy no lasa ben'ny tanàna ; ny vokatr'izany, ny lohan'ny lisitra tsy lany izay nety ho

4. Jereo ny fanambaran'ny SeFaFi : « Fanapariaham-pahefana, ahoana ny amin'ny famindrana ny vola iasana ? », 17 desambra 2016. Fanapariaham-pahefana

lasa ben’ny tanàna nefa nanjary mpanolotsainan’ny kaomina tsotra fotsiny, dia manao izay azony atao mba tsy hampahomby ny ezaka ataon’ny ekipa mpanatanteraka ary mba hampihitsoka ny fandehan’ny kaomina. Ny azo asolo an’io dia izao : tsy mifidy afa-tsy ny mpanolotsaina ny olom-pirenena, ary ireto farany ireto no hifidy ny ben’ny tanàna ; amin’izay izy dia hanana ny maro an’isa ao amin’ny mpanolotsainan’ny tanàna ary ho afaka mitantana.

Manaraka izany, tsy maintsy ampiharina ara-bakiteny, aorian’ny fifidianana ny kaomina, ny didy manery ny hanatontosana ny fifidianana ny Sefo fokontany (amin’ny alalan’ny fivoriambem-pokonolona). Io didy io ihany dia milaza koa ny fanamafisana ny fokontany amin’ny maha sampan’ny kaomina azy ; ny fandraisany anjara amin’ny drafitr’asan’ny kaomina ho an’ny fampandrosoana dia hanamafy ny fandraisana anjaran’ny olom-pirenena amin’ny fitantanana ny raharaham-panjakana[5].

Ary farany, ny mbola hatao dia ny mandamina ny faritra ho lasa fanjakana eny an-toerana iankinan’ny fampandrosoana ny faritra sy mpandray anjara mavitrika amin’ny fampandrosoana ny firenena, rehefa afindra toerana any, amin’ny maha harena azy, ny olona sy ny vola ilainy.

Miteraka tombontsoa maro be io fanomezana lanja ny faritra io : lasa maoderina ny fifamatoran’ny Fanjakana amin’ny olom-pirenena sy ny faritra manana ny mampiavaka azy manokana ary ny raharaham-panjakana ; ny fanamafisana ny demokrasia andraisan’ny olona anjara mifameno amin’ny demokrasia misy mpisolo tena ; ary ny fanatontosana mivaingana ny fivoarana ara-toekarena sy ny fizarana ny vokatr’io fivoarana io izay angatahin’ny olom-pirenena sy ny vondrom-bahoaka mafy dia mafy.

Mbola misy zavatra roa loha tsy fantatra : moa ve ny mpitondra antsika hanana finiavana sy herimpo politika hanova ny fanao mahazatra ka hamela malalaka ny tompon’andraikitra eny an-toerana hanao ny asany ho fampandrosoana ny firenena ? Ary ny olom-pirenena ve hanao ny ezaka mba hampahomby an’io filamatra io izay ry zareo ihany no hioty ny vokany voalohany ?

Ny hanampy an’izany farany dia tsara raha endahina amin’ny ministeran’ny Atitany ny andraikitra amin’ny fampandehanana ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, tokony hahazaka tena mantsy ito farany. Samy mahalala daholo na ny olom-pirenena na ny solontenan’ny fiarahamonina iraisam-pirenena fa raha tsy misy ny fanapariahana marina ny fahefana sy ny toekarena dia tsy hisy fampandrosoana eto Madagasikara. Ny tena maika indrindra dia ny fametrahana azy amin’ny lalambỳ tsara ka ahafahany mirimorimo ohatra ny TGV...

Antananarivo, 01 jiona 2019

5. Jereo ny fanambaran’ny SeFaFi : « Fifidianana ny Sefo Fokontany : ampiharina ny lalàna », 4 novambra 2017.